



FIANGONANA LOTERANA MALAGASY (F.L.M.)

(EGLISE LUTHERIENNE MALAGASY - MALAGASY LUTHERAN CHURCH - GASSIK LUTHERSK KIRKE)

NY SYNODA LEHIBE (S.L.)

(Le Synode Général - The General Synod - General Synoden)

NY FILOHA - LE PRESIDENT - THE PRESIDENT

Jesosy irery ihany

9, Rue RAKOTONIRINA Stanislas
Ex-Rue de Belgique - ISORAKA
101 Antananarivo
Madagascar

Tél : +261 34 48 108 16

E-mail : denitina2@yahoo.fr

BNI Analakely Antananarivo

N° 00005 00001 031 003 8 020 0 81

N° 00005 00001 026 835 4 020 0 58

ANTSO AVO HO AN'NY Fiangonana Loterana Malagasy NOHO NY FIHANAKY NY COVID 19 ETO MADAGASCAR

"AOKA ÀRY ISIKA HITSANGANA KA HANDRAFITRA" Nehemia 2: 18

Manoloana ny fivoaran'ny aretina vokatry ny coronavirus eto Madagascar sy any ivelany izao dia, manamafy ny antso avo ho amin'ny fisorohana sy ny fiarovan-tena ary ny fiarovana ny hafa ny Foibe FLM.

Manao antso avo ho amin'ny Fibebahana koa araka ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny 1Tant.7:14: "Raha ny oloko izay nantsoina amin' ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny. Izany fibebahana izany dia fanapahan-kevitra hentitra izay tsy maintsy ataontsika vahoakan'Andriamanitra rehetra mba hamolaka ny faniriana sy ny sitrapontsika mikomy amin'Andriamanitra mandrakariva ka banana fanapahan-kevitra hentitra hanadao ny ota sy ny fivadiham-pinoana ka hiverina tanteraka amin'Andriamanitra amin'ny fo tokoa. Indraindray Andriamanitra dia mananatra izay mania, amin'ny alalan'ny fahoriania nefà kosa mampanantena fitahiana ho an'izay maharitra amin'ny fanoavana Azy (Deot 28). Misy famonjena ho an'izay mibebaka, ary vonona ny hamela heloka antsika Andriamanitra raha mitodika sy miverina Aminy isika.

Mitodika amin'ny Filohan'ny Synodam-parintany rehetra sy ny Birao mpiara-miasa, ny Tonian'ny Sampam-pikambanana ary ny Talen'ny Sampan-drahahaha ny Foibe FLM mba handray fanapahan-kevitra tandrify amin'ny fitandroana sy fiarovana ny aina amin'ny alalan'ny fanarahana ny fe-petra napetraky ny Fitondram-panjakana. Hanemotra ireo favoriana samihafa raha ilaina. Hanome toro-marika ny Pastora rehetra mba handamina ny fotoam-pivavahana, indrindra fa handray andraikitra avy hatrany amin'ny tranga na olana ateraky ny Covid 19 any amin'ny Synoda tsirairay raha misy izany.

Ho an'ny Mpitonundra Fiangonana, sy ny Kristiana Loterana rehetra:

- Mampiasà aro vava orona (masque, cache bouche) ara- dalàna amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra.
- Manasà tànana matetika amin'ny rano sy savony
- Mampiasa gel hydroalcoolique araka izay azo atao
- Hajao ny elanelana 1 metatra
- Diovy isan'andro aryfafazo ranom-panafody (desinfectant) ny toeram-ponenana, toeram-piasàna, toeram-pivoriana, trano Fiangonana,... mialoha sy aorian'ny favoriana.
- Alamina ny isan'ny mpivory ary hajaina ny fepetra ara-pahasalamana rehetra voalaza eo ambony.

